


Ny fikarakarana ny Fivoriam-ben'ny Frankofonia dia resaka fianakaviana tokoa e!

Izao aloha ny voalazan'io Tale jeneralin'ny Seimad (société d'équipement immobilier de Madagascar) io, mikasika ilay *« village de la Francophonie »* etsy Andohatapenaka, tamin'ny volana Janoary, talohan'ny fandalovan'i ramatoa Michaëlle Jean (22-23 Marsa 2016) izay hiverina aminy volana Jolay:




*« Tsara ho fantatry ny olona rehetra fa fiaingana amin'ny fampandrosoana ny firenena, endrika iray ho fampandrosoana ny firenena ity « village » ity, nangatahin'ny Frankofonia ny fiariana ny fiarian-karena malagasy. Manitikitika ny maro hoe : manomboka ve ny « village »-ny Frankofonia ; ho vita ve ? Ho vita ny « village »-ny Frankofonia. Efa manomboka ny « fondations » izay izao dia ny « gros œuvres », « fin juillet » no ho vita ; dia ny « finitions » amin'ny voalohan'ny volana avril.*



*Ity zavatra rehetra hitanareo ity, ny Seimad no mikarakara azy, ny fanamboarana sy ny tompon'ity toerana ity. Dia hapetraka eo ampela-tànan'ny fanjakana manditra ny fotoana izay hisy ny « évènement » eto Madagasikara, dia izahay ihany no hikarakara azy. Izay ny zava-dehibe mila fantatry ny vahoaka malagasy rehetra. Tsy ho an'ny vahiny akory ny zavatra amboarina eto fa ny Malagasy ihany no ho tompony. Ny « appartements » atao eto dia hamidy amin'ny* ***olona*** *rehetra eto Madagasikara* « Ttf : ay fa tsy ny Malagasy rehetra? Samihafa mantsy izany).




## Olivia Ratsiferana

**Fa iza moa i ramatoa Olivia Ratsiferana? Ekena fa mànana ny *«Master en administration des affaires, Gestion des Entreprises»* avy tao amin'ny *«Université Paris 1 Panthéon-Sorbonne»* izy. Fa a nabavin'ingahy Hugues Ratsiferana, Tale Jeneralin'ny Air Madagascar, tsy nahomby fa lasa mpanolo-tsaina manokana ny filoha Rajaonarimampianina ary, indrindra indrindra, filohan'ny filan-kevitry ny fanarahana ny fivoriam-ben'ny Frankofonia *(« Président du Comité National d'Orientation du Sommet de la Francophonie »* ).**




**Ity koa anie no tokony ho fantatry ny vahoaka malagasy e! Manana izany orinasa *« SAKAF'O SARL »* izany ingahy Hugues Ratsiferana. Mazava angamba ny antom-piveloman'io orinasa io. Fa tsy sakafo ho an'ny vahoaka malagasy mihitsy ny vokariny ao… Ho lasa lova tsy mifindra ho an-dry zareo mpitondra Hvm lahy ity Madagasikara ity. Marina moa.**




**Rivo Rakotovao, andriamatoa *« projets présidentiels »* sady Filoha nasionalin'ny antoko Hvm**

Ny Seimad izany no handray tanteraka ny asa rehetra. Seimad izay eo amban'ny fiahian'ny ministera tarihin'ingahy Guy Rakotovao misahana ireo antsoina hoe *« projets présidentiels ».* Dia fianakaviam-be tokoa ity resaka Frankofonia ity eto Madagasikara e! Ny indro be dia ity : tsy misy mahalala, hatreto, hoe ohatrinona ny vola ho lany ary avy aiza. Ny an'i Ramatoa Michaëlle Jean, Sekretera jeneralin'ny Fikambanana iraisam-pirenena ho an'ny Frankofonia (OIF) dia tsotra ny teniny, izay lasa litania mihitsy: *« **Madagasikara no nangataka io fivoriam-be io** ; Madagasikara no nahazo azy...».* Ny tohiny dia manasa tanàna izy ary tsy te-hahalala amin'ny fomba ahoana no hanatanterahin'ny fitondrana Hvm/Rajaonarimampianina azy. Ka raha *« je m'en lave des mains »* ny azy, ny an'ny mpitondra indray dia *« la fin justifie les moyens »*. Ny porofo dia tsy nitsidika akory ny tao Andohatapenaka i ramatoa Jean tamin'ny fandalovany teto, satria fotaka no tena mbola mandrakotra ilay toerana.




**07 septambra 2015. Mbola tsy tafatsangana akory ireo trano amin'ity *"Résidence Ainga"* ity dia efa voafandrika daholo, ka manomboka eo amin'ny 120 tapitrisa ariary (na 38.000 euros) ny vidin'ny trano iray. Iza ny Malagasy *"rehetra"* hatakatra izany e!? Eo afovoany, ny Praiminisitra Jean Ravelonarivo, efa Tale**

**jeneralin'ny Seimad...**

Na izany aza dia ho tontosa -ary tsy maintsy ho tontosa- tokoa izany io fivoriam-be io ary hitsangana ireo trano handraisana ireo vahiny ireo amin'io volana Jolay io.  Ny fiainana anefa mitohy ary hitohy. Aoriana kely fotsiny isika Malagasy no hijinja ny ratsy rehetra haterak'ireo peta-toko sy fisehoana ivelany ireo. Ny any mazava aloha dia mandainga i ramatoa Olivia Ratsiferana fa tsy ho an'ny Malagasy rehetra velively ireo trano ireo. Ohatra mivaingana izay efa nitranga: iza izao ny mibahana ao amin'ireo trano namboarina tamin'ny Lalaon'ny Nosy ao Ankorondrano, ny taona 1990? Malagasy
*« rehetra »*
?... Asa koa raha tena hampandroso ny fiarian-karenan'ny Malagasy tokoa io. Ny zava-misy hatreto aloha dia mia-mahantra velona ny ankamaroan'ny Malagasy ary tsy hisy fiantraikany amin'ny fiainany andavanandro izany
*« Sommet de la Francophonie »*
izany. Na izao, na afaka folo taona. Ry Hvm mianakavy foana no hibahana ao. Ka raha vao tsy miditra ao amin'io antoko io ianao dia tsy kaonty. Eisy e!

Toa vao omaly izany hoe *« Pisodia izahay mandrapahafatinay »* izany…



ANATIHAZO ISOTRY, 26 marsa 2016

**Izao ny zava-misy marina raha ny eto Antananarivo aloha no resahina. Asaivo mandalo any ny mpiara-miasa amin'i Michaëlle Jean, fa miadana tokoa ny Malagasy**

**Jeannot Ramambazafy – 28 Marsa 2016**

*****************

**Dia resaka fianakaviam-be tokoa... ary aminy teny frantsay**

# Sommet de la Francophonie : une somme de conflits d'intérêts

Catégorie : Politique
Publication : 30 mars 2016

Pour accélérer les préparatifs du Sommet de la Francophonie, le Conseil National d'Orientation (CNO) vient de recruter une équipe de conseillers aux rôles bien définis. A notre connaissance, il n'y a pas eu d'appels d'offres ouverts mais après tout qui s'en soucie ? Comme à l'accoutumée, le régime fait exprès de mettre les bouchées doubles au dernier moment afin de privilégier les marchés de gré à gré. Parmi ces nouveaux conseillers figure un dénommé Ndriantiana Ratrimoarivony. Il sera en charge du Forum Francophone des Affaires. Les affaires allant dans le sens des intérêts de qui ? On connait la réponse. Le jeune homme est sans doute compétent et expérimenté mais il est le mari d'Olivia Ratsiferana, la directrice générale de la Seimad qui a obtenu le marché de la construction du Village de la Francophonie sans appel d'offres. Pour la petite histoire, Olivia Ratsiferana n'est autre que la sœur de Hugues Ratsiferana qui préside le Conseil National d'Orientation, en plus d'être conseiller spécial du Chef de l'Etat. Hugues Ratsiferana a donc nommé son beau-frère comme conseiller d'une entité qu'il préside. Rappelons avec sarcasme que la famille est sacrée. Allons plus loin dans la généalogie et les rapports familiaux. Le nouveau conseiller Ndriantiana Ratrimoarivony est un membre de la famille Ramahatra. Or, l'épouse de Mamy Rajaobelina (délégué général en charge de l'organisation du Sommet de la Francophonie) n'est autre que la sœur de l'ancien premier Ministre Victor Ramahatra. On veut bien croire, avec une ironie mordante, aux coïncidences mais celles qui entourent le Sommet de la Francophonie sont particulièrement frappantes. Le conflit d'intérêt est une infraction pénale mais pour le Sommet de la Francophonie, il a été décidé, au sommet de l'Etat, de fermer les yeux sur la somme des conflits d'intérêts tant il y a des sommes considérables à partager entre cousins et cousines, entre frères et sœurs et entre Frères...Il faut souligner, avec cynisme, que le slogan du Sommet de la Francophonie a pour thème « la croissance partagée…». Comment pourrait-il en être autrement dans cette république du népotisme ? Certains responsables avertis se croient rusés et à l'abri de poursuites judiciaires, en pensant que les états financiers liés à l'organisation du Sommet de la Francophonie seront approuvés par la loi de règlement mais ils oublient que le détournement de deniers publics peut être passible de travaux forcés. Nous en reparlerons abondamment. **M. GASPARD - LA GAZETTE DE LA GRANDE ILE**

*****************




297 logements de type F4, F3, F2

Studios étalés sur 7 étages

Espace commun en rez-de-chaussée pour accueillir une galerie d’expositions et des pavillons

Complexe comportant un centre commercial

Espace vert et de loisir

Hôtel  4 étoiles de 100 chambres

Salle de cinéma